

# **Arrêté Interministériel n°6019 du 17.10.90**

Portant Signalisation de la voie navigable et des bâtiments,  
et fixant les règles de la navigation intérieure

## REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

## GOVERNEMANTA

MINISITERAN' NY FITATERANA, NY FAMANTARANA  
NY TOETR' ANDRO ARY NY FIZAHAN-TANY

MINISITERAN' NY ASA VAVENTY

**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN' NY MINISITERA  
LAHARANA FAHA-6 019/90**

momba ny mari-pamantarana ny lalan-drano ifamoivoizan' ny fian-drano ary mametra ny fitsipika mifehy ny fifamoivoizana an-dranomamy.

Ny Ministry ny Asa Vaventy.

Ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famantarana ny toetr' andro ary ny Fizahantany.

Araka ny Lalàmpanonana.

Araka ny lahaña laharana faha-90-005 tamin' ny 18 jona 1990 anovana fehezandahana mikasika ny lalan-drano azo ifamoivoizana sy ny fifamoivoizana an-dranomamy.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-90-267 tamin' ny 21 jona 1990 momba ny firabotana am-boky sy ny fietlan' ny fian-drano ifamoivoizana an-dranomamy sy mametra ny vola tendoa amin' ny fifamoivoizana sy ny fiantsonana.

Araka ny didim-panjakana laharana faha-90-268 tamin' ny 21 jona 1990 momba ny fandikan-dalana mikasika ny fitandroam-pilaminana amin' ny fifamoivoizana an-dranomamy.

Dia mandidy fa :

**LOHATENY VOALOHANY**

Momba ny mari-pamantarana ny lalan-drano azo ifamoivoizana

Andininy 1-1. — Ny manan-jo hampipetraka ho hitan' ny besinimaro amin' ny fomba rehetra ny mari-panondroana ny famantarana ny fifamoivoizana na manao ahoana izany na toy inona dia ny Fanjakana irery ihany.

And. 1-2. — Ny karazan' ny mari-pamantarana sy ny fomba fametrahana azy ary koa ny fitsipika rehetra mikasika ny fampitoe-rana ny mari-pamantarana dia feran' ny torolalana avy amin' ny Minisitry ny Asa vaventy sy ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famantarana ny toetr' andro ary ny Fizahan-tany.

And. 1-3. — Ny takelaka, saina ary fanilo famantarana dia manana bika sy loko samy hafa arakaraka ny fanondroana ampa-hafantarana ny besinimaro mpampiasa.

Mizara ho sokajy dimy izy ireny, izay toy izao mianaraka izao :

- ny mari-pamantarana ny zava-boarara ;
- ny mari-pamantarana ny zava-boadidy ;
- ny mari-pamantarana ny fampitoe-rana ;
- ny mari-pamantarana famarafaran-teny ;
- ny mari-pamantarana ny fanondroana ;
- ny mari-pamantarana fanampiny.

And. 1-4. —

1. Ny fanilo raikitra dia jiro manome hazavana tsy tapaka izay tsy miova ny vaikany sy ny lokony.

2. Ny fanilo iray gadona dia fanilo izay misesisesy miavaka tsara sy isam-potoany ny hazavana sy aizina ary tsy miova ny vaikany sy lokony.

3. Ny fanilo iray gadona dia ireto avy :
- ny fanilo ahita-mitsinjo isam-potoany ;
  - ny fanilo ahita-mitsinjo isan' andiany avondrona ;
  - ny fanilo mitovy-figadona ;
  - ny fanilo ahitan-taratra mitovy fipaika ;
  - ny fanilo ahitan-taratra isan' andiany avondrona ;
  - ny fanilo ahitan-taratra isam-bondrony samihafa ;
  - ny fanilo manjelanjelatra

## REPUBLIQUE DEMOCRATIQUE MALAGASY

## GOUVERNEMENT

MINISTERE DES TRANSPORTS, DE LA METEOROLOGIE  
ET DU TOURISME

ET  
MINISTERE DES TRAVAUX PUBLICS

**ARRETE INTERMINISTERIEL N° 6019/90**

portant sur la signalisation de la voie navigable des bâtiments et fixant les règles de la navigation intérieure

Le Ministre des Travaux publics,

Le Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme,

Vu la Constitution.

Vu la loi n° 90-005 du 18 juin 1990 portant Code des voies navigables et de la navigation intérieure.

Vu le décret n° 90-267 du 21 juin 1990 portant Immatriculation et jaugeage des bâtiments de navigation intérieure et fixation des droits de navigation et de stationnement.

Vu le décret n° 90-268 du 21 juin 1990 portant contravention à la police de la navigation intérieure.

Arrêtent :

**TITRE PREMIER**

De la signalisation de la voie navigable

Art. 1-1. — Le droit de placer à la vue du public par tous les moyens des indications ou signaux concernant à un titre quelconque la circulation, n'appartient qu'à l'Administration.

Art. 1-2. — La nature des signaux, leurs conditions d'implantation ainsi que toutes les règles se rapportant à l'établissement de la signalisation sont fixées par des instructions du Ministre des Travaux publics et du Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme.

Art. 1-3. — Les panneaux, pavillons et feux de signalisation sont de formes et de couleur différentes suivant la nature des indications à porter à la connaissance des usagers.

Ils se divisent en cinq catégories qui sont les suivantes :

- les signaux d'interdiction ;
- les signaux d'obligation ;
- les signaux de restriction ;
- les signaux de recommandation ;
- les signaux d'indication ;
- les signaux auxiliaires.

Art. 1-4. —

1. Un feu fixe est un feu qui donne une lumière ininterrompue dont l'intensité et la couleur restent constantes.

2. Un feu rythmé est un feu qui présente une succession caractéristique et périodiquement répétée de lumière et d'obscurité et dont l'intensité et la couleur restent constantes.

3. Les feux rythmés sont les suivants :

- les feux à occultations régulières ;
- les feux à occultations groupées ;
- les feux isophases ;
- les feux à éclats réguliers ;
- les feux à éclats groupés ;
- les feux à éclats diversement groupés ;
- les feux scintillants.

And. 1-5. — Ahita-tapany lehibe telo sady mampivavaka azy ny tondrozotra :

1. Tara-mazava, tazana eo amin' ny fanamboniny miloko miavaka tsara sady hita hatrany amin' ny 500 metatra na aiza na aiza itodiana.

2. Marika tazana eo amin' ny fanamboniny miloko miavaka tsara sady hita hatrany amin' ny 1 500 metatra.

3. Raha ilaina, fanilo manara-tandavan' ny tondrozotra eo amin' ny fanamboniny tazana hatrany amin' ny 500 metatra.

And. 1-6. — Ireo mari-pamantarana samy hafa dia voalaza eo amin' ny tovana A.

And. 1-7. — Ny mari-pamantarana ny zava-boarara dia marihina aminà takelaka na saina na fanilo.

A.1. Fandrarana fa tsy azo andalovana (mari-pamantarana faobe : takelaka roa, fanilo roa na saina roa mifanaingina ilazana fa maharitra ny fandrarana).

A.2. Fandrarana ny fisongonana.

A.3. Fandrarana ny fifampisongonan' andiany mitanjozotra ihany.

A.4. Fandrarana ny fifanenana sy fifampisongonana.

A.5. Fandrarana ny fiantsonana (izany hoe fandatsahana vatofantsika na famaharana amin' ny moron-drano).

A.5. Fandrarana ny fiantsonana aminà sakany tondroina amin' ny metatra (kaontiana avy eo amin' ilay mari-pamantarana).

A.6. Fandrarana ny fandatsahana vatofantsika na famelana ny fitarazohan' ny vatofantsika, tady vy na rojo.

A.7. Fandrarana ny famaharana amin' ny moron-drano.

A.8. Fandrarana tsy hiverin-dàlana.

A.9. Fandrarana tsy hampanonja ny làlan-drano.

A.10. Fandrarana tsy handalo ivelan' ny faritra voatondro (fandalovana tehezana na tohan-drano).

A.11. Fandrarana ny fandalovana nefa dia aoka ianareo hio-mana handeha.

A.12. Voarara ny fifamoivoizan' ny fiaran-drano enti-milina.

A.13. Voarara ny fifamoivoizan' ny fiaran-drano fanatanjahan-tena na firiarivana.

A.14. Voarara ny fikorisana an-tampon-drano.

A.15. Voarara ny fifamoivoizan' ny fiaran-drano entin-day.

A.16. Voarara ny fifamoivoizan' ny lakana.

A.17. Voarara ny fikorisana amin'java-pisaka entin-day.

A.18. Voarara ny fiakarana ambony fiaran-drano.

A.19. Tsy azo ifohana.

And. 1-8. — Ny mari-pamantarana ny zava-bodidy dia ny takelaka.

B.1. Mandidy ny tsy maintsy izorana amin' ilay tondrolalana diavina.

B.2 :

a. Mandidy ny tsy maintsy izorana amin' ankavian' ny làlam-piaran-drano.

b. Mandidy ny tsy maintsy izorana amin' ny ankavanan' ny làlam-piaran-drano.

B.3 :

a. Mandidy ny fihazozana ny an-kavian' ny làlam-piaran-drano.

b. Mandidy ny tsy maintsy izorana amin' ny ankavanan' ny làlam-piaran-drano.

B.4 :

a. Mandidy ny hifanenana avy an-kavian' ny làlam-piaran-drano.

b. Mandidy ny hifanenana avy an-kavanan' ny làlam-piaran-drano.

art. 1-5. — Une balise est formée et caractérisée par trois parties principales :

1. Un voyant, placé à la partie supérieure avec une couleur déterminée, visible de tous les côtés à 500 mètres.

2. Une marque placée à la partie inférieure, avec une couleur déterminée visible à 1 500 mètres.

3. Eventuellement, un feu dans l'axe de la balise, à la partie supérieure, visible à 500 mètres.

Art. 1-6. — Les différents signaux figurent à l'annexe A.

Art. 1-7. — La signalisation pour l'interdiction est faite à l'aide de panneau ou de pavillon ou de feux.

A.1. Interdiction de passer (signal général).

Deux panneaux, deux feux ou deux pavillons superposés indiquent une interdiction prolongée.

A.2. Interdiction de tout dépassement.

A.3. Interdiction de dépasser entre convois seulement.

A.4. Interdiction de croiser et de dépasser.

A.5. Interdiction de stationner (c'est-à-dire d'ancrer ou de s'amarrer à la rive).

A.5.1. Interdiction de stationner sur la largeur indiquée en mètres (comptés à partir de ce signal).

A.6. Interdiction d'ancrer et de laisser traîner les ancres, câbles ou chaînes.

A.7. Interdiction de s'amarrer à la rive.

A.8. Interdiction de virer.

A.9. Interdiction de créer des remous.

A.10. Interdiction de passer en dehors de l'espace indiqué (dans une ouverture de pont ou de barrage).

A.11. Interdiction de passer, mais préparez-vous à vous mettre en marche.

A.12. Navigation interdite aux bâtiments motorisés.

A.13. Navigation interdite à toutes les embarcations de sport ou de plaisance.

A.14. Pratique du ski nautique interdite.

A.15. Navigation interdite aux bâtiments à voile.

A.16. Navigation interdite aux pirogues.

A.17. Pratique de la planche à voile interdite.

A.18. Interdiction d'accès à bord d'un bâtiment.

A.19. Interdiction de fumer.

Art. 1-8. — Les signaux d'obligation sont constitués par des panneaux :

B.1. Obligation de suivre la direction indiquée par la flèche.

B.2 :

a. Obligation de se diriger vers le côté chenal situé à bâbord.

b. Obligation de se diriger vers le côté du chenal situé à tribord.

B.3 :

a. Obligation de tenir le côté du chenal situé à bâbord.

b. Obligation de tenir le côté du chenal situé à tribord.

B.4 :

a. Obligation de croiser le chenal vers bâbord ;

b. Obligation de croiser le chenal vers tribord.

- B.5. Mandidy ny hampiatoana ny dia araka ny fepetra soritan' ny fitsipika.
- B.6. Mandidy ny hanajana ny fara-hafainganam-pandeha voatondro (Km/ora).
- B.7. Mandidy ny handefasana mari-pamantarana amim-peo.
- B.8. Mandidy fitandremana manokana.
- B.9. Mandidy ny hananan-toky alohan' ny hizorana amin' ilay lalambe na itsakana aminy fa tsy voatery ireo fiaran-drano mifamoivoy eo hanova ny lalan-kizorany na ny hafainganam-pandehany.
- B.10. Ny sambo mifamoivoy amin' ny lalambe dia tsy maintsy raha misy ilana izany, manova ny lalan-kizorany na ny hafainganam-pandehany mba ahafahan' ny fiaran-drano hafa mivoaka ny seranana na ny lalan-drano mifandray aminy.

And. 1-9. — Ny mari-pamantarana ny fameperana dia marihina amin' alalana takelaka na fanilo.

- C.1. Voatondro ny halalin' ny rano.
- C.2. Voatondro ny haavo malalaka ambonin' ny marin-drano.
- C.3. Voatondro ny sakan' ny fitsakana na ny fefin-dalan-drano.

Fanamarihana : Amin' ny takelaka C.1, C.2 ary C.3 dia azo marihina ankoatr' izany ny tarehimarika mandeha isa-metatra manondro avy ny halalin-drano, ny haavo malalaka ambonin' ny marin-drano ary ny sakan' ny fitsakana na ny lalam-piaran-drano.

- C.4. Misy fameperana amin' ny fifamoivoizana an-dalan-drano : Anontanjo.
- C.5. Tsy manantomotra ny sisiny havanana (havia) ny tarehimarika hita amin' ny mari-pamantarana dia manondro isa-metatra ny manelanelana azy avy eo amin' ilay mari-pamantarana izay tokony tsy ho tomorin' ny fiaran-drano.

And. 1-10. — Ny mari-pamantarana famarafarana dia marihina amin' alalana takelaka na fanilo :

- D.1. Fitsakana farafaraina.
- D.2. Farafaraina ny tsy maintsy handalovana ao anatin' ny faritra voatondro (lalam-pivoahana ny tetezana na tohan-drano).
- D.3. Farafaraina ny tsy maintsy hizorana manaraka ny tondrolalana soritan' ny fanilo raikitra mankamin' ny fanilo ahitan-taratra mitovy figadona.

And. 1-11. — Aminà takelaka na fanilo no anamarihana ny mari-pamantarana fanondroan-toerana sy ny lalan-kizorana ary anaram-pialofana.

- E. 1. Alalam-pahazoa-mandalo (mari-pamantarana faobe).
- E. 2. Fifanena-tariby mitondra herim-baratra tsy mitehatany.
- E. 3. Tohan-drano.
- E. 4. :  
 a. Baka tsy afa-miampita malalaka ;  
 b. Baka afa-miampita malalaka.
- E.5. Alalam-piantsoanana (izany hoe mandatsaka vatofantsika na mamahatra amin' ny morona).
- E. 5. 1. Alalam-piantsoanana amin' ny sakan' ny lalan-drano miala avy eo amin' ilay takelaka ary kajiana isa-metatra avy aminy.
- E. 5. 2. Alalam-piantsonana amin' ny sakan' ny lalan-drano voafaritry ny elanelan-droa miala avy eo amin' ilay takelaka ary kajiana isa-metatra avy aminy.
- E. 5. 3. Farafahabetsahaky ny isan' ny fiaran-drano ekena hifanila am-piantsonana.
- E. 5. 4. Fari-piantsonana voatokana ho an' ireo fiaran-drano tosika izay tsy voatery avahan' ny fanilo manga entiny arakaraka ny fisehoan-javatra.

B.5. Obligation de s'arrêter dans les conditions prévues dans le règlement.

B.6. Obligation de respecter la limite de vitesse indiquée (en km/h).

B.7. Obligation d'émettre un signal sonore.

B.8. Obligation d'observer une vigilance particulière.

B.9. Obligation de s'assurer, avant de s'engager sur la voie principale ou de la traverser, que la manœuvre n'oblige pas les bâtiments naviguant sur cette voie à modifier leur route ou leur vitesse.

B.10. Les bateaux naviguant sur la voie principale doivent, si nécessaire, modifier leur route ou leur vitesse pour permettre la sortie des bâtiments quittant le port ou la voie affluente.

Art. 1-9. — La signalisation pour la restriction est faite à l'aide de panneau soit à l'aide de feux.

C.1. La profondeur d'eau est limitée.

C.2. La hauteur libre au-dessus du plan d'eau est limitée.

C.3. La largeur de la passe ou du chenal est limitée.

Note : Sur les panneaux C.1, C.2 et C.3, peuvent en outre être inscrit des chiffres indiquant, en mètres, respectivement, la profondeur d'eau, la hauteur libre au-dessus du plan d'eau et la largeur de la passe ou du chenal.

C.4. Des restrictions sont imposées à la navigation : Renseignez-vous.

C.5. Le chenal est éloigné de la rive droite (gauche) ; le chiffre porté sur le signal indique, en mètres, la distance, comptée à partir du signal, à laquelle les bâtiments doivent être maintenus.

Art. 1-10. — La signalisation pour la recommandation est faite à l'aide de panneau ou de feux.

D.1. Passe recommandée.

D.2. Il est recommandé de se tenir dans l'espace indiqué (dans un ouverture de pont ou de barrage).

D.3. Il est recommandé de se diriger dans le sens de la flèche dans le sens du feu fixe vers le feu isophase.

Art. 1-11. — La signalisation pour l'indication de la localisation, de la direction, des sites, est faite à l'aide de panneaux ou de feux.

E.1. Autorisation de passer (signal général).

E.2. Croisement d'une ligne électrique aérienne.

E.3. Barrage.

E.4. :

a. Bac ne naviguant pas librement.

b. Bac naviguant librement.

E.5. Autorisation de stationner (c'est-à-dire d'ancrer ou de s'amarrer à la rive).

E.5.1. Autorisation de stationner sur la largeur du plan d'eau comptée à partir du panneau et indiquée en mètres sur celui-ci.

E.5.2. Autorisation de stationner sur la largeur du plan d'eau comprise entre les deux distances comptées à partir du panneau et indiquées en mètres sur celui-ci.

E.5.3. Nombre maximal de bâtiments autorisés à stationner bord à bord.

E.5.4. Aires de stationnement réservées aux bâtiments de la navigation par poussage qui ne sont pas astreints à porter le feu bleu suivant le cas.

- E. 5. 5. Fari-piantsonana voatokana ho an' ireo fiaran-drano tosika avahan' ny fanilo manga entiny arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5. 6. Fari-piantsonana voatokana ho an' ireo fiaran-drano tosika ahitana fanilo manga anankiroa na varingarina mifilo manga roa arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5. 7. Fari-piantsonana voatokana ho an' ireo fiaran-drano tosika ahitana fanilo manga anankitelo na varingarina mifilo manga roa arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5. 8. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano hafa noho ireo tosika tsy avahan' ny fanilo manga anankiray, anankiroa na anankitelo na varingarina mifilo manga, iray, roa na telo arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5. 9. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano hafa noho ireo tosika avahan' ny fanilo manga na varingarina manga arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5.10. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano hafa noho ireo tosika ahitana fanilo manga anankiroa na varingarina manga roa arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5.11. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano hafa noho ireo tosika ahitana fanilo manga anankitelo na varingarina manga telo arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5.12. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano tsy ahitana fanilo manga anankiray, anankiroa na anankitelo na varingarina manga iray, roa na telo arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5.13. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano ahitana ny fanilo manga na ny varingarina manga arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5.14. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano ahitana fanilo manga anankiroa na varingarina manga roa arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 5.15. Fari-piantsonana voatokana ho an' ny fiaran-drano ahitana fanilo manga anankitelo na ireo varingarina manga telo arakaraka ny fisehoan-javatra.
- E. 6. Alalana handatsaka vatofantsika sy hamela hitarazoka ny vatofantsika, tady vy na rojo.
- E. 7. Alalam-pamaharana amin' ny moron-drano.
- E. 8. Fari-pihodinana.
- E. 9. Heverina fa ny lalan-drano itojoana dia toy ny sampanan' ny lalan-drano diavina.
- E.10. Ny lalan-drano diavina dia heverina fa sampanan' ny lalan-drano itojoana.
- E.11. Fiafaran' ny zava-boarara na voadidy amin' ny zotram-pifamoivoizana tokana na fiafaran' ny fameperana.
- E.12. Mari-pamantarana mialoha : fanilo fotsy anankiray na anankiroa :  
 a. Fanilo raikitra (iray na maro) : Manoin-tsarotra any aoriana. Aoka ianao hijanona raha izany no takian' ny didy amam-pitsipika  
 b. Fanilo mitovy figadona (iray na maro) : Azonao atao ny mandroso.
- E.13. Toerana misy rano fisotro.
- E.14. Toerana misy telefaonina.
- E.15. Alalana hifamoivoy ho an' ny fiaran-drano enti-milina.
- E.16. Alalana hifamoivoy ho an' ny fiaran-drano fanaovana fanatanjahantena na firiarivana.
- E.17. Fikoriana an-tampon-dano ahazoan-dalana.
- E.18. Fikoriana amin' java-pisaka entin-day.
- E.19. Alalana ahazoan' ny fiaran-drano entin-day mifamoivoy.
- E.20. Alalana hifamoivoy ho an' ny fiaran-drano tsy enti-milina na lay.
- E.21. Fanondroana toeram-pilasilana.
- E.22. Fanondroana ny zotram-pifamoivoizana.

- E.5.5. Aire de stationnement réservée aux bâtiments de la navigation par poussage astreints à porter le feu bleu suivant le cas.
- E.5.6. Aire de stationnement réservée aux bâtiments de la navigation par poussage astreints à porter les deux feux bleus ou les deux cônes bleus suivant le cas.
- E.5.7. Aire de stationnement réservée aux bâtiments de la navigation par poussage astreints à porter les trois feux bleus ou les trois cônes bleus suivant le cas.
- E.5.8. Aire de stationnement réservée aux bâtiments autres que ceux de la navigation par poussage qui ne sont pas astreints à porter un, deux ou trois feux bleus, un, deux ou trois cônes bleus suivant le cas.
- E.5.9. Aire de stationnement réservée aux bâtiments autres que ceux de la navigation par poussage astreints à porter le feu bleu ou le cône bleu suivant le cas.
- E.5.10. Aire de stationnement réservée aux bâtiments autres que ceux de la navigation par poussage astreints à porter les deux feux bleus ou les deux cônes bleus suivant le cas.
- E.5.11. Aire de stationnement réservée aux bâtiments autres que ceux de la navigation par poussage astreints à porter les trois feux bleus ou les trois cônes bleus suivant le cas.
- E.5.12. Aire de stationnement réservée à tous les bâtiments qui ne sont pas astreints à porter un, deux ou trois feux bleus ou un, deux ou trois cônes bleus suivant le cas.
- E.5.13. Aire de stationnement réservée à tous les bâtiments astreints à porter le feu bleu ou le cône bleu suivant le cas.
- E.5.14. Aire de stationnement réservée à tous les bâtiments astreints à porter les deux feux bleus ou les deux cônes bleus suivant le cas.
- E.5.15. Aire de stationnement réservée à tous les bâtiments astreints à porter les trois feux bleus ou les trois cônes bleus suivant le cas.
- E.6. Autorisation d'ancrer et de laisser traîner les ancres, câbles ou chaînes suivant le cas.
- E.7. Autorisation de s'amarrer à la rive.
- E.8. Aire de virage.
- E.9. Les voies rencontrées sont considérées comme affluentes de la voie suivie.
- E.10. La voie suivie est considérée comme affluente de la voie rencontrée.
- E.11. Fin d'une interdiction ou d'une obligation valable pour un seul sens de navigation, ou fin d'une restriction.
- E.12. Signaux avancés : un ou deux feux blancs :  
 a. Feu(x) fixe(s) : Difficulté au-delà : Arrêtez-vous si le règlement l'exige ;  
 b. Feu(x) isophase(s) : Vous pouvez avancer.
- E.13. Poste d'eau potable.
- E.14. Poste téléphonique.
- E.15. Navigation autorisée pour les bâtiments motorisés.
- E.16. Navigation autorisée pour les embarcations de sport ou de plaisance.
- E.17. Pratique du ski nautique autorisé.
- E.18. Pratique de la planche à voile autorisée.
- E.19. Navigation autorisée pour les bâtiments à voile.
- E.20. Navigation autorisée pour les bâtiments qui ne sont ni motorisés ni à voile.
- E.21. Indication de camping.
- E.22. Indication de direction.

F.13. *Tara-pahazavany*: varingarina mifilo miloko mena ar mijotso tifitra.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro mena migadona isam-potoany.

Izao manaraka izao no lavahan' ny tondrozotra raiki-paka ankavian' ny lalan-kizoran' ny besinimaro nofaritan' ny Fanjakana

F.14. *Tara-pahazavany*: varingarina mifilo miloko maintso na mety ho mavo ary miaka-tifitra.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro maintso na mety ho mavo migadona isam-potoany.

And. 1-16. — Toy izao manaraka izao no mampiavaka ny tondrozotra raiki-paka milaiza fivilanana-dalana.

F.15. *Tara-pahazavany*: varingarina mifilo miloko mena mijotso tifitra ambonin' ny varingarina mifilo miloko maintso ary miaka-tifitra.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro fotsy manjelanjelatra na mitovy figadona.

And. 1-17. — Tondrozotra F.16 miavaka amin' izao manaraka izao no manoritra ny lalam-piaran-drano manakaiky ny morony havananana;

*Tara-pahazavany*: takelak' efamira mena ahitana tsivalanantsipika miloko fotsy anankiroa.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro mena migadona isam-potoany.

And. 1-18. — Tondrozotra F.17 miavaka amin' izao manaraka izao no manoritra ny lalam-piaran-drano manakaiky ny morony havia

*Tara-pahazavany*: takelak' efamira, ahitan-tsavazoro mitsivalana sy mijidina miloko mavo ny antsasany ambony ary fotsy ny antsasany ambany.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro maintso migadona isam-potoany.

And. 1-19. — Ny lalam-piaran-drano mipaka amin' anganiny sy ankilany manaraka ny fari-pandalovana aminy dia ho feran' ny tondrozotra anankiroa.

a. Ny mampiavaka ny tondrozotra amin' ny ilany havanana, manaraka ny lalan-kizorana nofaritan' ny Fanjakana dia izao manaraka izao:

*Tara-pahazavany*: takelak' efamira mavo ahitana jidinan-tsipika afovoany miloko mainty.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro mavo ahitan-taratra mamiratra na tsininjo isan' ankasany.

b. Ny mampiavaka ny tondrozotra amin' ny ilany havia manaraka ny lalan-kizorana nofaritan' ny Fanjakana dia izao manaraka izao:

*Tara-pahazavany*: takelak' efamira mavo ahitan-tsavazoro mitsivalana sy mijidina, miampy jidinan-tsipika afovoany miloko mainty.

*Marika*: tsanganana ifaharany miloko mainty.

*Fanilo*: jiro mavo ahitan-taratra mamiratra na tsininjo tsy isan' ankasany.

And. 1-20. — Raha lavabe ny lalam-piaran-drano izorana izay voafaritry ny hitsy toratady aminy:

Ny fari-pandalovana ilay lalana lavabe dia tondroin' ny mari-pamantarana anankiroa tsy misy hafa, mifanalo aloha sy aoriany amin' ny ila-morona iray ihany.

And. 1-21. — Amin' ny fampiharana ity didim-pitondrana ity mikesika ny mari-pamantarana ny lalan-drano diavina dia azon' ny Minisitry ny Asa vaventy sy ny Minisitry ny Fitaterana, ny Famantarana ny toetr' andro ary ny Fizahan-tany, etao ny mampametaka ny mari-pamantarana fanampiny hanatsarana ny filaminan' ny fitamoivoizana arakaraka ny ho fivoaran' ny asam-pitaterana.

F.13. *Un voyant*: cône rouge, pointe en bas.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu rouge rythmé.

Une balise fixe bâbord de la direction conventionnelle définie par l'Administration possède les caractéristiques suivantes:

F.14. *Un voyant*: cône vert, ou éventuellement jaune, pointe en haut.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu vert ou éventuellement jaune rythmé.

Art. 1-16. — Une balise fixe de bifurcation possède les caractéristiques suivantes:

F.15. *Un voyant*: cône rouge pointe en bas en dessus d'une cône verte ou éventuellement jaune, pointe en haut.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu blanc scintillant ou isophasé.

Art. 1-17. — Un chenal proche de la rive droite est indiqué par une balise F.16 qui possède les caractéristiques suivantes:

*Un voyant*: panneau carré rouge, avec deux bandes horizontales blanches.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu rouge rythmé.

Art. 1-18. — Un chenal proche de la rive gauche est indiqué par une balise F.17 qui possède les caractéristiques suivantes:

*Un voyant*: panneau carré, à diagonales horizontales et verticales, peint en jaune pour la moitié supérieure, et en blanc pour la moitié inférieure.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu vert rythmé.

Art. 1-19. — Le chenal qui passe d'une rive à l'autre, par l'intermédiaire d'un axe de traversée, sera définie par deux balises:

a. La balise de rive droite, dans le sens conventionnel définie par l'Administration possède les caractéristiques suivantes:

*Un voyant*: panneau carré jaune, avec une bande centrale verticale noire.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu jaune à éclats ou à occultations à caractéristiques paires.

b. La balise de rive gauche, dans le sens conventionnel définie par l'Administration possède les caractéristiques suivantes:

*Un voyant*: panneau carré jaune, à diagonales horizontales et verticales, avec une bande centrale verticale noire.

*Une marque*: un poteau de fixation noir.

*Un feu*: un feu jaune à éclats ou à occultations à caractéristiques impaires.

Art. 1-20. — Le chenal passe une longue traversée, qui est définie par un alignement.

L'axe de la longue traversée est indiqué par deux signaux identiques, placés sur le même rive l'un derrière l'autre.

Art. 1-21. — Dans l'application du présent arrêté, en matière de signalisation, le Ministre des Travaux publics et le Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme peuvent définir des signaux supplémentaires pour améliorer la sécurité de la navigation suivant l'évolution du trafic.

Izany famaritana asa amah-draharaha izany dia ho teran' ny didim-pitondrana hataon' ny Ministry ny Asa vaventy sy ny Ministry ny Fitaterana, ny Famantarana ny toatr' andro ary ny Fizahan-tany.

## LOHATENY II

Momba ny mari-pamantarana ny fiaran-drano

And. 2-1. — Eny amin' ireo lalan-drano azo ifamoivoizana voafelin' ny didy amam-pitsipika ankapobe momba ny fitandroampilaminana sy ny fifamoivoizana ahazoan-dalana ny fitetezana azy amin' ny alina hatreo amin' ny ora ofisialy ilentehan' ny masoandro, hatramin' ny ora ofisialy iposahany ary tontolon' androt' iny dia tsy maintsy hita eny amin' ny fiaran-drano ny fanilo sy ny marika voadidin' ny andininy soritan' izao didim-pitondrana-izao.

## TOKO VOALOHANY

Andian-teny fampiasa andavanandro sy famaritana hevi-teny

And. 2-2. — Ny teny hoe «taza-maso» raha ampiharina amin' ny fanilo dia milaza fa hita taratra amin' ny haizina mikitroka raha madio ny lanitra.

Ny andian-teny hoe «kely ny tsininjo» dia manondro ny fisehoan-javatra rehetra mahakely ny tsininjo noho ny zavona, patrapatran-dranononana, setroka na anton-javatra hafa toy izany.

Ny andian-teny hoe «haavony amin' ny fanambonin-tsambo» dia manondro ny fanambonin-tsambo manaraka ny tandavany farany ambony. Raha tsy misy io dia ny haavo ambonin' ny hitsi-tsingevana vesaran' entana no tondroina aminy.

Ny teny hoe «Javany» sy «sakan'» ny fiaran-drano iray dia manondro ny tena halavany sy ny tena sakany manontolo.

Ny andian-teny hoe «akom-peo fohy gadona» dia enti-manondro feo re mandritra ny iray segondra eo ho eo.

Ny andian-teny hoe «akom-peo lava gadona» dia enti-manondro feo maharitra efatra segondra eo ho eo.

Heverina fa mifankahita ny fiaran-drano anankiroa raha toa afamifampitazana izy ireo.

And. 2-3. — Ny andian-teny hoe «fiaran-drano entin-kery mekanika» dia manondro ny fiaran-drano rehetra enti-milina.

Heverina fa fiaran-drano entin-day rehefa mety ho fiaran-drano entin-kery mekanika mampiasa lay fa tsy enti-milina.

Heverina fa fiaran-drano entin-kery izay fiaran-drano rehetra mampiasa milina na misy na tsy misy lay aminy.

Ny teny hoe «mpitarika» dia manondro fiaran-drano mitari-kafa.

Ny teny hoe «tarihina» dia manondro fiaran-drano tarihin-kafa.

Ny teny hoe «mpanosika» dia manondro fiaran-drano manosi-kafa.

Ny teny hoe «atosika» dia manondro fiaran-drano atosika-kafa.

And. 2-4. — Ny andian-teny hoe «am-pandehanana» dia hoentimilaza fiaran-drano tsy mandatsaka vatofantsika na tsy naka fahatra na raiki-drevo.

And. 2-5. — Ny andian-teny hoe «am-piantsonana» dia hoentimilaza fiaran-drano nandatsaka vatofantsika na inona na inona sokajy misy azy

And. 2-6. — Ny andian-teny hoe «raiki-drevo» dia hoentimilaza fiaran-drano tsy afa-mitsingevana ary raikitra amin' ny fanambanin-drano na inona na inona sokajy misy azy.

And. 2-7. — Ny andian-teny hoe «am-panjonoana» dia hoentimilaza fiaran-drano manjono amin' harato, fintana, harato tarihin-tsambo na fitaovam-panjonoana hafa izay mam' azy ny fahafahany mihetsika.

Izany dia tsy fampihatra amin' ny fiaran-drano rehetra manjono amin' fintana avela hitaritarika na fitaovam-panjonoana hafa tsy dia mampihena ny fahafahany mihetsika.

Cette définition fera l'objet d'un arrêté du Ministre chargé des Travaux publics et du Ministre des Transports, de la Météorologie et du Tourisme.

## TITRE II

### De la signalisation des bâtiments

Art. 2-1. — Sur les voies navigables soumises au règlement général de police et de navigation où la navigation de nuit est autorisée, depuis l'heure officielle du coucher du soleil jusqu'à l'heure officielle du lever du soleil, et pendant le jour, tout bâtiment doit porter les feux et marques prescrits par les articles spécifiés au présent arrêté.

## CHAPITRE PREMIER

### Expressions usuelles et définitions

Art. 2-2. — Le mot «visible» lorsqu'il s'applique aux feux, signifie visible par une nuit noire avec une atmosphère pure.

L'expression «visibilité réduite» désigne toute situation où la visibilité est diminuée par suite de brume, forts grains de pluie, fumée ou toutes autres causes analogues.

L'expression «hauteur au dessus du plat bord» désigne la hauteur au dessus du pont continu, le plus élevé. A défaut de ce dernier, elle désigne la hauteur au dessus de la ligne de flottaison en charge.

Les termes «longueur» et «largeur» d'un bâtiment désignant sa longueur hors tout et sa plus grande largeur.

L'expression «son bref» désigne un son d'une durée d'environ une seconde.

L'expression «son prolongé» désigne un son d'une durée d'environ quatre secondes.

Deux bâtiments sont considérés comme étant en vue l'un de l'autre quand l'un d'eux peut être observé visuellement par l'autre.

Art. 2-3. — L'expression «bâtiment à propulsion mécanique» désigne tout bâtiment mû par une machine.

Tout bâtiment à propulsion mécanique marchant à la voile et non au moyen d'une machine doit être considéré comme un bâtiment à voile.

Tout bâtiment qui marche au moyen d'une machine qu'il porte ou non des voiles, doit être considéré comme un bâtiment à propulsion.

L'expression «remorquant» signifie tout bâtiment remorqueur.

L'expression «remorqué» signifie tout bâtiment remorqué.

L'expression «poussant» signifie tout bâtiment pousseur.

L'expression «poussé» signifie tout bâtiment poussé.

Art. 2-4. — L'expression «faisant route» sera appliquée à tout bâtiment qui n'est ni à l'ancre, ni amarré, ni échoué.

Art. 2-5. — L'expression «au mouillage» sera appliquée à tout bâtiment à l'ancre quelle que soit la catégorie.

Art. 2-6. — L'expression «échoué» sera appliquée à tout bâtiment incapable de flotter et reposant sur le fond quelle que soit la catégorie.

Art. 2-7. — L'expression «en train de pêcher» sera appliquée à tout bâtiment qui pêche avec des filets, lignes, chaluts, ou autres engins de pêche réduisant sa capacité de manœuvre.

Elle ne s'applique pas à tout bâtiment qui pêche avec des lignes trainantes ou autres engins de pêche ne réduisant pas sa capacité de manœuvre.

And. 2-8. — Ny andian-teny hoe «am-panamoriana» dia hoentimilaza fiaran-drano am-perin' asa.

And. 2-9. — Ny andian-teny hoe «am-pisahanan' asa manokana» dia hoentimilaza fiaran-drano manatontosa ny iray amin'ireto lahass manaraka ireto:

- an-dàlem-pametrahana na fanalana tady vy, fantsona tarihan-dranoka na fikojakojana ireny (*cablier*);
- an-dàlem-pametrahana na fanalana tsingevana (*baliseur*);
- an-dàlem-panatanterahana fanadihadiana momba ny sti-rano (*hydrographe*).

And. 2-10. — Ny andian-teny hoe «an-dàlem-panadiovana» dia hoentimilaza fiaran-drano mikaoka sy manadio ny fanambanindrenirano, ony, lakan-drano na seranana iray.

Tay lazain-ko fiaran-drano manadio ny fiaran-drano an' ambiny rahetra ampitaterina ny rackan-draha

## TOKO II

*Fihazakazana sy toetotra mamplavaka ny fanilo samy hafa sy mari-pamantarana famplase*

And. 2-11. — Ny fanilo no manoritra ny mari-pamantarana fiaran-drano amin' ny alina. Mari-pamantarana no ampiavahan' fiaran-drano amin' ny antoandro.

And. 2-12. — Ny fanilon-tanja-tsanganana dia jiro mikofo fotsy apetraka ambonin' ny hital-tandavan' ny fiaran-drano manapariaka tsy tapaka hazavana manilo ny lalan-kizorana eran-kantsam-paribolana 225 degrea na 112,5 degre andaniny sy ankilan' ilay fiaran-drano izany hoe hatrany amin' ny 22,5 degrea avy any aloha hatrany aoriana manenika ny sisin-tsambo andaniny roa.

Ny «fanilo an-tsisiny» dia jiro maitso an-kavanana ary jiro mena an-kevia samy mandefa tara-pahazavana tsy tapaka manilo ny lalan-kizorana eran' ny kantsam-paribolana 112,5 degrea, izany hoe hatrany amin' ny 22,5 degrea avy any aloha hatrany aoriana mahenika ny sisiny avy ary manara-tsoritra mijidina amin' ny hitsim-piaran-drano afovoany.

Izany fanilo maitso sy mena izany dia tsy maintsy voaisy ery amin' ny lalan' ny fiaran-drano tako-tarany any amin' ny 0,90 metatra alohan' ilay fanilo ka amin' izay ny hazavany dia tsy ho tazana avy an-kavanana alohany ho an' ny jiro mena ary avy an-tavia alohany ho an' ny jiro maitso.

Ny fanilo andaniny sy an-kilan' ny fiaran-drano dia atao mitovy haavo ny fitoerany, iray metatra ahay ambanin' ny fanilo eny amin' ny tanja-tsanganana ary tsy ho atv alohany akorv.

Ny fanilo efara dia jiro fotsy na mavo apetraka faran' izay akaiky indrindra ny aferany, mandefa tara-pahazavana tsy an-kiato menenika ny fihodin' ampaha-paribolana 135 degrea ary voakendry ny hiparitahan' izany tara-pahazavana izany amim-paritra 67,5 degrea andaniny sy ankilan' ny fiaran-drano avy aty aoriana.

Ny fanilo efara dia tsy maintsy apetraka faran' izay akaiky indrindra ny aty aoriana ary manandrify ny hitsim-piaran-drano sady ampy ny haavon-toerany mba ahitan' ny fiaran-drano manatratra azy teara.

Ny «fanilo taza-maso am-parevodilanitra» dia fanilo mandefa tara-pahazavana maneram-paritra iray tantana 360 degrea.

Rehefa mety ho fanilo dia tokony ho tazana hatrany amin' ny 1 kilometatra ahay ary tokony hiaso ambonin' ny tokotanin-tsambo tsy latsaka ny 1,50 metatra.

Ny elanelana mijidina manasaraka ny fanilo na mari-pamantarana dia tokony ho 0,50 metatra ahay ary 1 metatra raha be indrindra.

Raha tsy maintsy misy fanilo mihoatra ny roa eny amin' ny fiaran-drano amin' ny hitsiny mijidina, ny fanilo tsirairay avy dia tokony ho voasarak' elanelana raikitra

And. 2-13. — Ny mari-pamantarana voadidy hapetraka dia tsy maintsy mivavaka sy mirefy toy, izao manaraka izao:

Ny savalon' ny baolina dia 0,50 metatra ahay.

Art. 2-8. — L'expression «en service de pilotage» sera appliquée à tout bâtiment de pilote qui est de service.

Art. 2-9. — L'expression «en opérations spéciales» sera appliquée à tout bâtiment exécutant l'un des travaux suivants:

- en train de poser ou de relever un câble, un pipe-line ou d'en assurer l'entretien (cablier);
- en train de poser ou de relever une bouée (baliseur);
- en train d'effectuer des opérations d'hydrographie (hydrographe);

Art. 2-10. — L'expression «en train de draguer» sera appliquée à tout bâtiment en train de curer et nettoyer le fond d'une rivière, d'un fleuve, d'un canal, d'un port.

Tout bâtiment auxiliaire transporteur de déblai n'est pas considéré comme étant une drague.

## CHAPITRE II

*Descriptions et caractéristiques des différents feux et marques utilisés*

Art. 2-11. — La signalisation de nuit de tout bâtiment est définie par des feux. La signalisation du jour de tout bâtiment est définie par des marques.

Art. 2-12. — Le «feu de mât» est un feu blanc placé au dessus de l'axe longitudinal du bâtiment, projetant une lumière ininterrompue sur tout le parcours d'un arc d'horizon de 225 degrés soit 112,5 degrés de chaque côté du bâtiment, c'est-à-dire depuis l'avant jusqu'à 22,5 degrés sur l'arrière de travers de chaque bord.

Le «feu de côté» est un feu vert placé à tribord et un feu rouge placé à bâbord, projetant chacun une lumière ininterrompue sur tout le parcours d'un arc d'horizon de 112,5 degrés, c'est-à-dire depuis l'avant jusqu'à 22,5 degrés sur l'arrière de travers de leur côté respectif et placés sur une ligne perpendiculaire à l'axe médian du bâtiment.

Les dits feux vert et rouge doivent être munis, du côté du bâtiment, d'acran s'avancant à 0,90 mètres en avant du feu de telle sorte que leur lumière ne puisse être aperçue de tribord devant pour le feu rouge et de bâbord devant pour le feu vert.

Les feux de côté sont placés à la même hauteur à 1 mètre au moins plus bas que le feu de mât et pas en avant de celui-ci.

Le «feu de poupe» est un feu blanc ou jaune placé aussi près que possible de la poupe, projetant une lumière ininterrompue sur tout le parcours d'un arc d'horizon de 135 degrés et disposé de manière à projeter cette lumière sur un secteur de 67,5 degrés de chaque côté à partir de l'arrière.

Un feu de poupe doit être placé aussi près que possible de la poupe dans la partie arrière et dans l'axe du bâtiment à une hauteur suffisante pour qu'il soit bien visible des bâtiments rattrapants.

Le «feu visible sur tout l'horizon» est un feu projetant une lumière ininterrompue sur un plan horizontal de 360 degrés.

Tout feu doit être visible à une distance d'au moins 1 kilomètre, et doit se trouver à une hauteur au dessus du plat-bord qui ne soit pas inférieure à 1,50 mètres.

La distance verticale entre les feux ou les marques doit être de 0,50 mètre au moins et de 1 mètre au plus.

Quand le bâtiment doit porter plus de deux feux, dans le sens vertical, chacun des feux doit être séparé par une distance fixe.

Art. 2-13. — Les marques prescrites doivent avoir les caractéristiques et dimensions suivantes:

Un ballon doit avoir au moins 0,50 mètre de diamètre.



Ny varingarina mifilo dia tokony ho 0,50 metatra ny fototra ary ny haavony mira rely amin' ny savaivon' ny velaram-pototra.

Ny varingarina mifilo tohin-tenany dia tambatry ny varingarina roa mifamadi-pototra.

Ny savaivon' ny varingarina dia tokony ho 0,50 metatra ahay ary ho 0,80 metatra ny haavony.

### TOKO. III

*Mari-pamantarana fiaran-drano am-pandehanana taza-maso amin' ny alina*

#### And.2-14. —

1. Ny fiaran-drano enti-milina mitokan-dia dia tsy maintsy manana :

a. Fanilon-tanja-tanganana mipetraka ary an-dohany ary manandrify ny hitsim-piaran-drano miabo 2 metatra ahay.

b. Fanilo andaniny sy ankilan' ny fiaran-drano atao mitovy haavo ary amin' jidinana manandrify ny hitsim-piaran-drano, farafahakeliny 1 metatra ambanin' ny fanilon-tanja-tanganana ary tsy ho ary alohany. Tsy maintsy voaisy tako-taratra mankamin' ny fiaran-drano izy ireny ka amin' izay ny jiro maintso dia tsy ho tazana avy an-kavia aty aloha ary ny jiro mena tsy ho tazana avy an-kavanana.

c. Fanilo afara apetraka aty aoriana sy manandrify ny hitsim-piaran-drano sady ampy ny haavon-toerany mba ahitan' ny fiaran-drano manatratra azy tsara.

2. Azon' ny fiaran-drano rehetra enti-milina mitokan-dia atao ankoatr' izany ny manisy fanilon-tanja-tanganana faharoa manandrify ny hitsim-piaran-drano apetraka any amin' ny 1 metatra ahay ambony kokoa' ny fanilo an-dohany amin' izay ny elanelana iray tantana manasaraka ny fanilo dia ho farafahakeliny avo telo heny amin' elanelana mijidina. Rehefa mety ho fiaran-drano mitokan-dia mihoatra ny 110 metatra ny halavany dia tsy maintsy manana izany fanilon-tanja-tanganana faharoa izany.

3. Ny fiaran-drano rehetra enti-milina ialohavana fiaran-drano iray enti-milina mpanolo-tanana, mandritra ny fotoana fohifohy ihany dia tsy maintsy mandehitra hatrany ireo fanilo tondroin' ny andalana 1 sy 2 etsy ambony.

4. Mandritra ny handalovany ny lalam-pivoahana tetezana raikitra, tetezana mihidy na tohan-drano na amin' taoraha fampitem-piaran-drano dia azon' ny fiaran-drano atao ny mampidimpidina ny haavon' ny fanilon-tanja-tanganana mba tsy hampanoin-tsarotra ny fandalovana aminy.

Ny fepetra soritan' ity andininy ity dia tsy ampiarina na amin' ny fiaran-drano madinika na amin' ny baka.

#### And. 2-15. —

1. Ny fiaran-drano rehetra enti-milina am-pandehanana misava lalana andiam-piaran-drano tarihina mbamin' ny fiaran-drano rehetra enti-milina mpanolo-tanana manoloana fiaran-drano iray hafa enti-milina, andiam-piaran-drano atosika na mitamba-droa, dia tsy maintsy voaisy.

a. Fanilon-tanja-tanganana anankiroa mifanaingina apetraka eny an-dohany aloha ary manandrify ny hitsim-piaran-drano; ny fanilo ao ambony dia apetraka araka izay azo atao 1 metatra ahay ambony kokoa' ny fanilo andaniny sy ankilan' ny fiaran-drano;

b. Fanilo andaniny sy ankilany;

c. Fanilo afara miloko mavo fa tsy fotsy apetraka manandrify ny hitsim-piaran-drano ampy ny haavony mba hazava tsara ho tazan' ilay tarihin' manarak' azy avy eo aoriana na fiaran-drano enti-milina, andiam-piara atosika na mitamba-droa amin' izay misy ilay fiaran-drano mpanolo-tanana eo anoloany.

Un cône doit avoir au moins 0,50 mètre de base et une hauteur égale au diamètre de la surface de base.

Un bicône est composé de deux cônes opposés par la base.

Un cylindre doit avoir au moins 0,50 mètre de diamètre et 0,80 mètre de hauteur.

### CHAPITRE III

*Signalisation visuelle de nuit des bâtiments faisant route*

#### Art. 2-14. —

1. Les bâtiments motorisés isolés doivent porter :

a. Un feu de mât placé dans la partie avant et dans l'axe du bâtiment à une hauteur de 2 mètres au moins.

b. Des feux de côté placés à la même hauteur et sur une même perpendiculaire à l'axe du bâtiment, à 1 mètre au moins plus bas que le feu de mât et pas en avant de celui-ci; ils doivent être masqués vers l'intérieur du bâtiment de façon que le feu vert ne puisse pas être vu de bâbord ni le feu rouge de tribord.

c. Un feu de poupe placé dans la partie arrière et dans l'axe du bâtiment, à une hauteur suffisante pour qu'elle soit bien visible des bâtiments rattrapants.

2. Tout bâtiment motorisé isolé peut porter en outre, à l'arrière, un deuxième feu de mât placé dans l'axe du bâtiment à 1 mètre au moins plus haut que le feu avant, de telle façon que la distance horizontale entre ces feux soit au moins trois fois la distance verticale. Tout bâtiment motorisé isolé de plus de 110 mètres de longueur doit porter ce deuxième feu de mât.

3. Tout bâtiment motorisé qui est temporairement précédé d'un bâtiment motorisé placé en renfort doit conserver les feux visés aux paragraphes 1 et 2 ci-dessus.

4. Pendant le passage par une ouverture de pont fixe, de pont fermé ou de barrage, ou pendant le passage aux écluses, les bâtiments peuvent porter les feux de mât à une hauteur réduite, de sorte que ce passage puisse s'effectuer sans difficulté.

5. Les dispositions du présent article ne sont applicables ni aux menues embarcations ni aux bacs.

#### Art. 2-15. —

1. Tout bâtiment motorisé faisant route en tête d'un convoi remorqué et tout bâtiment motorisé placé en renfort devant un autre bâtiment motorisé, un convoi poussé ou une formation à couple, doivent porter :

a. Deux feux de mât superposés, placés dans la partie avant et dans l'axe du bâtiment; le feu inférieur étant autant que possible, à 1 mètre au moins plus haut que les feux de côté;

b. Des feux de côté;

c. Un feu de poupe jaune au lieu de blanc placé dans l'axe du bâtiment à une hauteur suffisante pour être bien visible de l'unité remorquée qui suit le bâtiment ou du bâtiment motorisé, du convoi poussé ou de la formation à couple devant laquelle le bâtiment est placé en renfort.

2. Raha toa misy fiaran-drano anti-milina maromaro, raha toa ny fiaran-drano iray anti-milina, andiam-piara atosika na mitamba-droa ka ialohavana fiaran-drano maromaro anti-milina mpanolo-tanana mifanila ny lalam-pifamoivoizany, na mifamatotra na tsia, ny fiaran-drano tsirairay avy dia tsy maintsy voaisy:

— ary an-dohany aloha ary manandrify ny hitsim-pieran-drano fanilo «tanja-tsanganana» telo mifanangina fa tsy ireo fanilontanja-tsanganana soritan' ny andalana voalohany a etsy ambony.

Des voies de la navigation intérieure

Art. 3-1. — Définitions. —

Les voies navigables sont classées en deux catégories :

La catégorie I comprend les fleuves et rivières.

La catégorie II comprend les lacs et les canaux artificiels.

Sur les voies navigables, le sens « amont » est le sens d'un mouvement allant vers la source des fleuves, y compris les sections où le sens du courant change avec la marée.

Dans les canaux, ce sens est déterminé par les autorités compétentes et l'expression employée est la suivante « dans le sens allant du point A au point B ».

Au sens du présent arrêté, sous le terme « menues embarcations » sont compris les menues embarcations naviguant isolément ainsi que les convois composés uniquement de menues embarcations.



Raha toa voalazan' ny fepetra raketin' izao didim-pitondrana izao fa misy fitsipi-pifamoivoizana tsy fampihatra amin' ny fiaran-drano madinika amin' ny fihetsika ataony miolotra amin' ny fiaran-drano fa dia tsy maintsy avelan' ireny fiaran-drano ireny halelaka ny fiaran-drano hanohizan' ny fiaran-rang hafa rehetra ny diany sy hihe-tsehany. Tsy afa-mitaky amin' ireto farany hanome lalana azy izy ireny.

### TOKO VOALOHANY Fitsipi-pifamoivoizana

#### Art. 3.2. — *Fifanenana.* —

Lampiasa ny teny hoe «fifanenana» raha toa misy fiaran-drano anankiroa manaraka zotran-dàlana mifanipaka mivantana na somary mifanipaka.

#### 1. *Fifanenana: Fitsipika ara-dalàna* Sokajy I

1. Raha misy ny fifanenana, ny avy an' ava dia tsy maintsy manome lalana sahaza ny avy an' era, arakaraka ny toe-java-misy eo an-toerana sy ny fihetsiky ny fiaran-drano hafa.

2. Ny avy an' ava manome lalana ny avy an' era eo an-kaviany dia tsy mandefa mari-pamantarana taza-maso.

3. Na avy an' ava manome lalana ny avy an' era eo an-kavanany dia tsy maintsy, eo anatin' ny fe-potoana mahamety izany sy an-kavanany:

##### a. *Amin' ny andro:*

— na mampakatra jiro fotsy mahery vaika manjelatra na manofahofa saina na takelaka mazava tsara;

— na mampakatra takelaka manga tanora rarafin-jiro mazava fotsy manjelatra;

b. *Amin' ny alina:* mandrehitra jiro mazava fotsy manjelatra azo ampiarahina aminà takelaka manga tanora.

Ireny mari-pamantarana ireny dia tokony ho tazana avy any aloha sy aty afara sy haseho mandra-pahavitan' ny fifandalovana. voarara ny mbola fanehoana izany avy eo afa-tsy raha tian-kaseho fa afa-mandalo avy an-kavanana hatrany ny avy an' eran-drano.

Ny takelaka manga tanora dia hodidina sisiny fotsy 5 santimetatra ahay ny sakany; ny fanambaniny sy ny tanjany ary koa ny fanalan-jiro manjelatra dia tsy maintsy atao miloko matroka.

4. Raha vao ahiana ho tsy azon' ny avy an' ava ny eritreritry ny avy an' era, ny avy an' ava dia tsy maintsy mandefa:

— «akom-peo fohy gadona iray», raha toa avy an-kavia no fifanenana aminy; na

— «akom-peo fohy gadona roa», raha toa avy an-kavanana no fifanenana aminy.

5. Tsy tohinina ny fepetra soritan' ny andininy faha-2-2-2 manaraka etoana fa ny avy an' era dia tsy manaraka ny lalana atoron' ny avy an' ava alehany araka ny fepetra eto ambony; tsy maintsy averimberiny ny mari-pamantarana taza-maso tondroin' ny andalana faha-3 eto ambony sy ny mari-pamantarana amim-peo tondroin' ny andalana faha-4 eto ambony izay asehon' nya vy an' ava na alefany ho azy.

6. Ny andalany voalohany hatramin' ny faha-5 eto ambony dia tsy fampihatra amin' ny fiaran-drano madinika amin' ny fihetsiky miolotra amin' ny fiaran-drano hafa sokajy aminy na raha misy fiaran-drano madinika mifanana amin' ny hafa.

7. Raha mifanana ny fiaran-drano madinika roa dia ny fitsipika voasoratra ho an' ny sokajy II no ampiharina.

Lorsque des dispositions du présent arrêté prévoient qu'une règle de route donnée ne s'applique pas aux menues embarcations dans leur comportement avec d'autres bâtiments, ces menues embarcations sont tenues de laisser à tous les autres bâtiments, l'espace nécessaire pour poursuivre leur route et pour manœuvrer. Elles ne peuvent exiger que ceux-ci s'écartent en leur faveur.

### CHAPITRE PREMIER Règles de route

#### Art. 3-2. — *Rencontres.* —

Le terme «rencontre» est employé lorsque deux bâtiments suivent des routes directement opposées ou à peu près opposées.

#### 1. *Rencontre: Règles normales* Catégorie I

1. En cas de rencontre, les montants doivent, compte tenu des circonstances locales et des mouvements des autres bâtiments, réserver aux avalants une route appropriée.

2. Les montants qui laissent la route des avalants à bâbord ne donnent aucun signal visuel.

3. Les montants qui laissent la route des avalants à tribord doivent en temps utile et à tribord:

##### a. *De jour:*

— soit monter un feu puissant blanc scintillant ou agiter un pavillon ou un panneau bien clair;

— soit monter un panneau bleu clair asservi à un feu clair blanc scintillant;

b. *De nuit:* montrer un feu clair blanc scintillant qui peut être asservi à un panneau bleu clair.

Ces signaux doivent être visibles de l'avant et de l'arrière et être montrés jusqu'à ce que le passage soit effectué. Il est interdit de les maintenir au-delà à moins de vouloir manifester l'intention de continuer à laisser passer les avalants à tribord.

Le panneau bleu clair doit être bordé d'une bande blanche d'au moins 5 centimètres de largeur; le châssis et la tringlerie ainsi que le fanal du feu scintillant doivent être de teinte sombre.

4. Dès qu'il est à craindre que les intentions des montants n'ont pas été comprises par les avalants, les montants doivent émettre:

— «un son bref: lorsque la rencontre doit s'effectuer sur bâbord; ou

— «deux sons brefs» lorsque la rencontre doit s'effectuer sur tribord.

5. Sans préjudice des dispositions de l'article 2-2.2 ci-après, les avalants doivent suivre la route indiquée par les montants conformément aux dispositions ci-dessus; ils doivent répéter les signaux visuels visés, au paragraphe 3 ci-dessus et les signaux sonores visés au paragraphe 4 ci-dessus qui sont montrés ou émis par les montants à leur intention.

6. Les paragraphes 1 à 5 ci-dessus ne s'appliquent pas aux menues embarcations dans leur comportement avec des bâtiments d'autres catégories ni dans le cas où des menues embarcations en rencontrent d'autres.

7. En cas de rencontre de deux menues embarcations, la règle énoncée pour la catégorie II, est applicable.

1. Fiferanana: Fahazo-mandiana ny fitsipika mandavanandro

### Sokajy I

1. Avela ho dinganina ny fepetra raketin' ny andininy faha-2-2-1 ho an' ireto sokajin' ny fiaran-drano manaraka ireto:

a. Ny fiaran-drano midina mpitatitra olona mamita esa aratoana ka ny isan' ny mpandeha be indrindra nahazoana alalana tsy mihoatra ny isa raketin' ny manampahefana mahafa, raha toa izy te hanatona fitodien-tsambo eo an-tsisin-drano misy fiaran-drano miakatra.

b. Ny andiam-piara tarihina midina izay te hanamorona ny sisiny voafetra ahafahany nivily dia manan-jo hitaky amin' ny miakatra hanova ny lalana izay nomena azy araka ny andininy faha-3-2-1 eo ambony raha ohatra tsy saha azy izany.

Na izany aza, tsy azony takiana izany raha tsy efa matoky tena tsara izy fa azo atao ny manome fahafaham-po tsy ahitan-doza azy teny.

2. Amin' izany ny midina, tsy maintsy mampiasa amin' ny totoana ilana azy, ny mari-pamantarana manaraka: raha tiany atao an-kavia ny fifanana dia tsy maintsy mandefa « feo fohy indray migadona » ary, raha tiany atao an-kavanana ny fifanana, dia tsy maintsy mandefa « feo fohy indroa migadona » ary ambonin' izany, mampiseho mari-pamantarana taza-maso voalaza ao amin' ny andininy faha-3-2-1 andalana faha-3.

3. Ny miakatra amin' izany, dia manome an-tsitrapo ny fangatahan' ny midina ary manamafy araka izao fomba izao:

— Raha tsy maintsy atao eo an-kavia ny fifanana dia tsy maintsy mandefa « feo fohy indray migadona » ary mampiseho koa ny mari-pamantarana taza-maso voalaza ao amin' ny andininy faha-3-2-1 andalana faha-3.

— Raha tsy maintsy atao eo an-kavanana ny fifanana dia tsy maintsy mandefa « feo fohy indroa migadona » ary koa mampiseho mari-pamantarana taza-maso voalaza ny andalana 3 amin' ny andininy faha-3-2-1 eto ambony.

4. Raha vao ahiana fa tsy azon' nya vy an' era ny eritreriry ny avy an' ava, dia tsy maintsy mamerina ny mari-pamantarana voazan' ny andalana faha-3 amin' ity andininy ity izy.

ava

5. Raha toa ny avy an' ava mahatsapa fa tsy dia mety ny lalana nangatahan' ny avy an' era ka mandefa « andian' akom-peo tena fohy gadona » izy, ny mpanamory dia tsy maintsy maka izay fepetra ohatra manandrify ny toe-java-miseho mba hisorohana ny loza.

### Sokajy II

1. Avela ho dinganina ny fitsipika ara-dalana raketin' ny andininy 2-2-1 fa ny fiaran-drano amin' ny antony manokana dia manazo mangataka hifandalo samy avy an-kavanana raha tahiny ka matoky tena tsara izy fa azo atao sy tsy mitera-doza ny fanomezana fahafaham-po azy.

2. Amin' izany dia mandefa « akom-peo fohy gadona indroa » ary koa tsy maintsy mampiseho ny mari-pamantarana voalaza ao amin' ny andininy faha-3-2-1 andalana 3 a sy b (sokajy I).

Ireo mari-pamantarana ireo dia tsy maintsy tazana avy eo anoloana sy afara ary aseho mandra-pahadilany eo.

Rarana ny mbola mitana azy rehetra afaka avy eo afa-tsy raha tsy ohatra hian-kaseho fa omen-dalana hatrany fiaran-drano mifanana avy eo an-kavanana.

3. Ny fiaran-drano mifanana amin' izany dia mandefa « akom-peo fohy gadona indroa » koa ary mampiseho mandritra izany ny mari-pamantarana taza-maso voalaza ao amin' ny andininy faha-3-2-1 eo ambony, andalana faha-3 (sokajy I).

4. Raha toa ny fiaran-drano mifanana mahalala fa tsy dia mety ny lalana nangatahan' ary mety hampisy fifandonana, dia mandefa « andian' akom-peo tena fohy gadona » izy. Ny mpanamory dia tsy maintsy maka izay fepetra rehetra manandrify ny toe-javatra miseho mba hisorohana ny loza.

## 2. Rencontre: Dérogations aux règles normales

### Catégorie I

1. Par dérogation aux dispositions de l'article 2-2.1 des catégories suivantes:

a. Les bâtiments à passagers avalants effectuent un service régulier, et dont le maximum autorisé de passagers n'est pas inférieur à un nombre fixé par l'autorité compétente, lorsqu'ils veulent accoster un débarcadère situé sur la rive longée par des bâtiments montants:

b. Les convois remorqués avalants qui, pour virer l'amont, veulent longer une rive déterminée, ont le droit de demander que les montants modifient la route qu'ils leur réservent, suivant l'article 3-2-1 ci-dessus, si cette route ne leur convient pas.

Toutefois, ils ne peuvent l'exiger qu'à condition de s'être assurés qu'il est possible de leur donner satisfaction sans danger.

2. Dans ce cas, les avalants doivent faire usage en temps utile des signaux suivants:

— s'ils veulent que la rencontre s'effectue à bâbord, ils doivent émettre « un son bref » et,

— s'ils veulent que la rencontre s'effectue à tribord, ils doivent émettre « deux sons brefs » et en outre, montrer les signaux visuels visés au paragraphe 3 de l'article 3-2.1.

3. Les montants doivent alors satisfaire à la demande des avalants et en donner confirmation de la façon suivante:

— si la rencontre doit s'effectuer à bâbord, ils doivent émettre « un son bref » et, en outre, montrer les signaux visuels visés au paragraphe 3 de l'article 3-2.1.

— si la rencontre doit s'effectuer à tribord, ils doivent émettre « deux sons brefs » et, en outre, montrer les signaux visuels visés au paragraphe 3 de l'article 3-2.1 ci-dessus.

4. Dès qu'il est à craindre que les intentions des avalants n'aient pas été comprises par les montants, les avalants doivent répéter les signaux sonores prévus au paragraphe 3 du présent article.

5. Si les montants reconnaissent que la route demandée par les avalants n'est pas appropriée et qu'ils en émettent « une série de sons très brefs », les conducteurs doivent alors prendre toutes les mesures que les circonstances exigent pour éviter le danger.

### Catégorie II

1. En dérogation à la règle normale de l'article 2-2.1, les bâtiments peuvent dans des cas exceptionnels et à condition de s'être assurés qu'il est possible, sans danger de leur donner satisfaction, demander que le passage s'effectue tribord sur tribord.

2. Dans le cas, ils émettent « deux sons brefs » et doivent montrer en outre, les signaux prescrits à l'article 3-2.1, paragraphe 3 a et b (catégorie I).

Ces signaux doivent être visibles de l'avant et de l'arrière et être montrés jusqu'à ce que le passage soit effectué. Il est interdit de les maintenir au-delà à moins de vouloir manifester l'intention de continuer à laisser passer les bâtiments rencontrés à tribord.

3. Les bâtiments rencontrés émettent alors également « deux sons brefs » et doivent montrer en même temps les signaux visuels visés au paragraphe 3 (catégorie I) de l'article 3-2.1 ci-dessus.

4. Si les bâtiments rencontrés reconnaissent que la route demandée n'est pas appropriée et qu'il y a danger d'abordage, ils émettent « une série de sons très brefs ». Les conducteurs doivent alors prendre toutes les mesures que les circonstances exigent pour éviter le danger.

### 3. Fifanenana amin' fiaran-drano taritina

Ny fiaran-drano tsy taritina raha mifanena amin' ny fiaran-drano taritina avy eny amoron-drano dia tsy maintsy mamela loana ny fiaran-drano misy ny fitaritana ho azy. Amin' izany dia ampaneferina ny fiaran-drano 1 sy 2 amin' ity andininy ity.

### 4. Fifanenana eny amin' ny lalana tery

Mba hialana, raha azo atao, amin' ny fifanenana ao amin' ny fiaran-drano na toerana izay hita miharihary izao ny fahateran' ny fiaran-drano raha hifanenana dia ny fitsipika maharaka etoana no ampiharina:

a. Ny fiaran-drano rehetra dia tsy maintsy mita ny lalana tery eo amin' ny fotoana faran' izay fohy indrindra;

b. Raha toa tsy lasa lavitra ny tsininjo, ny fiaran-drano alohan' ny fiaran-drano amin' ny lalana tery dia tsy maintsy mandefa akom-peo lave gadona; raha haina indrindra raha lava ny lalana tery, dia tsy maintsy averina io mari-pamantarana io eo am-pandalovana aminy;

c. Eny amin' ny lalan-drano azo ifamovoizana izay miavaka ara ny an'ava sy an'era:

i. Ny avy an'ava dia tsy maintsy mijanona alohan' ny lalana tery mandra-pandalovan' ny avy an'era raha ohatra-ka tsapan' fa ny avy an'era dia mby an'avalana hiditra ao amin' ny lalana tery.

ii. Raha fa tafatsofoka amin' ny lalana tery ny andiam-piaran-drano avy an'ava ny avy an'era dia tsy maintsy araka izay azo atao, mijanona eny an'eran' ny lalana tery mandra-pandalovan' ny andiam-piaran-drano avy an'ava, io famaperana io dia mihatra ihany/koa amin' ny fiaran-drano mitokan-dia avy an'era manoloana ny fiaran-drano mitokan-dia avy an'ava.

d. Eny amin' ny lalan-drano azo ifamovoizana izay tsy voafaritra hazava ny an'ava sy an'era:

i. Ny fiaran-drano izay tsy mahita zava-misakana eo ankavanany ary koa ireo izay ankavanany ny kihom-piolahana raha toa kihom-dalana teny no andalovana, dia tsy maintsy manohy ny diany ary ny fiaran-drano hafa dia tsy maintsy miahdry mandra-pandalovan' ny voalohany ny lalana tery nefa io fepetra io dia tsy arpiharina amin' ny fiaran-drano madinika sy ny fiaran-drano hafa;

ii. Eo amin' ny fifanenan' ny samy fiaran-drano madinika enty-dia, ny fiaran-drano izay mihazo tso-drivotra na, raha ny fiaran-drano fofa fofa samy ampanefanin' ny tso-drivotra, izay mihazo ny tso-drivotra avy eo an-kavanany dia manohy ny diany ary ilay iray hafa dia tsy maintsy miandry mandra-pandalovan' iray voalohany ny lalana tery.

2. Raha tsy azo ialana ny fifanenan' amin' ny lalana tery, ny fiaran-drano dia tsy maintsy maha ny fepetra rehetra azo atao mba hifanenana amin' toerana iray/ary amin' ny fomba mahakely dia tsy ny fiaran-drano. Ny ampanefery izay mahatsapa fa maty hisy ny fifanenan' dia tsy maintsy mandefa akom-peo tena fohy gadona.

### 5. Fifanenana voararan' ny mari-pamantarana lalan-drano azo ifamovoizana

1. Rehefa mihamanatona ny faritra tondroin' ny mari-pamantarana milaiza fa voararan' ny fifanenana:

a. Eo amin' ny lalan-drano azo ifamovoizana izay miavaka tsara ny an'ava sy ny an'era:

— ny avy an'ava dia tsy maintsy mijanona rehefa mihamanatona ny avy an'era mandra-pandalovan' ny avy an'era ilay faritra;

b. Eo amin' ny lalan-drano azo ifamovoizana izay tsy miavaka tsara ny an'ava sy an'era:

— ny fitsipika manandrify izany tondroin' ny andininy faha-3-2 no ampiharina.

2. Raha ny Manampahafana tompon' andrakitra manery ny fandalovana amin' zotra lalan-tokana mba hiorohana ny fifanenana:

— ny fisakanana handalo eo dia tondroin' ny mari-pamantarana zava-boarara faobe A.1;

— ny famelana handalo dia tondroin' ny mari-pamantarana faobe famelana handalo.

### 3. Rencontre en cas de bateaux halés

En cas de rencontre entre un bâtiment halé de la rive et un bâtiment non halé, ce dernier doit toujours, en dérogation aux paragraphes premier et 2 du présent article, laisser au premier le côté du halage.

### 4. Rencontre dans les passages étroits

1. Pour éviter, dans la mesure du possible, une rencontre dans les secteurs ou aux endroits où le chenal ne présente pas une largeur incontestablement suffisante pour une telle rencontre (passage étroit), les règles suivantes sont applicables:

a. Tous les bâtiments doivent franchir les passages étroits dans le plus court délai possible;

b. Dans le cas où la portée de vue est restreinte, les bâtiments doivent avant de s'engager dans un passage étroit, émettre « un son prolongé »; en cas de besoin, notamment lorsque le passage étroit est long, ils doivent répéter ce signal lors du passage;

c. Sur les voies navigables pour lesquelles l'aval et l'amont sont définis:

i. Les montants doivent, lorsqu'ils constatent qu'un avalant est sur le point de s'engager dans un passage étroit, s'arrêter à l'aval de ce passage jusqu'à ce que les bâtiments avalants l'aient franchi;

ii. Lorsqu'un convoi montant est déjà engagé dans un passage étroit les avalants doivent, pour autant qu'il est possible, s'arrêter à l'amont de ce passage jusqu'à ce que le convoi montant l'ait franchi; la même obligation incombe aux bâtiments isolés avalants à l'égard d'un bâtiment isolé montant;

d. Sur les voies navigables pour lesquelles l'aval et l'amont ne sont pas définis:

i. Les bâtiments qui ne trouvent pas d'obstacle à tribord ainsi que ceux qui, lorsque le passage étroit se trouve dans une courbe, dont l'extérieur de la courbe à tribord, doivent poursuivre leur route et les autres bâtiments doivent attendre jusqu'à ce que les premiers aient franchi le passage étroit; toutefois, cette disposition ne s'applique pas entre petites embarcations et autres bâtiments;

ii. En cas de rencontre entre de petites embarcations à voile, l'embarcation qui est au vent ou, dans le cas où toutes les deux navigent au vent, celle qui reçoit le vent de tribord doit poursuivre sa route et l'autre doit attendre jusqu'à ce que la première ait franchi le passage étroit.

2. Dans le cas où la rencontre dans un passage étroit est devenue inévitable, les bâtiments doivent prendre toutes les mesures possibles pour que la rencontre ait lieu en un endroit et dans des conditions présentant un minimum de danger. Tout conducteur qui constate un danger d'abordage doit émettre « une série de sons très brefs ».

### 5. Rencontre interdite par les signaux de la voie navigable

1. A l'approche des secteurs indiqués par le signal d'interdiction où la rencontre est interdite:

a. Sur les voies navigables pour lesquelles l'aval et l'amont sont définis:

— les montants doivent s'arrêter à l'approche d'avalants jusqu'à ce que les avalants aient franchi le secteur;

b. Sur les voies navigables pour lesquelles l'aval et l'amont ne sont pas définis:

— les règles correspondantes au paragraphe 4 de l'article 3-2 s'appliquent.

2. Si, pour éviter toute rencontre, les autorités compétentes imposent le passage à sens unique alterné:

— l'interdiction de passage est indiquée par un signal général d'interdiction A.1;

— l'autorisation de passage est indiquée par un signal général d'autorisation de passage.

Arakaraka ny toe-javatra miseho eo an-toerana, ny mari-pamantarana zava-boarara dia mety lazaina amin' ny mari-pamantarana zava-boadidy B.B izay atao ho mari-pamantarana voarakaka eny aloha.

3. Raha toa ny mari-pamantarana voalaza ao amin' ny andalana faha-2 etsy ambony tsy azo atao miseho, ny fiaran-drano dia tsy maintsy mijanona ary miandry mandra-pisian' ny fanomezanana handalo avy amin' ny mpandraharahan' ny Manampaha-tompon' andraiktira.

#### And. 3-3. — Fisongonana. —

Ny fisongonana dia tsy azo atao raha tsy fantatry ny mpanatratra tsara fa tsy mampitera-doza ny fihetsiny.

Ny tratrarina dia tsy maintsy manamora ny fisongonana araka ny ilaina sy azo atao. Tsy maintsy mampihena ny hafainganam-pandehany izy raha ilaina izany mba tsy hampitera-doza ny fisongonana ary hahatontosany ao anatin' ny fotoana fohy mba tsy ho voahelingelina ny fiaran-drano hafa.

Amin' ny ankapobeny, ny mpanatratra dia tsy maintsy mandalo an-kavian' ny tratrarina.

Raha toa ny sakan' ny lalan-drano ka antonony tsara izao, dia on' ny mpanatratra atao ny misongona ny tratrarina avy an-kavanana.

Aminà fifampisongonan' ny samy fiaran-drano madinika entin-day, amin' ny ankapobeny, ny mpanatratra dia tsy maintsy mandalo amin' ny ilany mandrivotra ho an' ny tratrarina.

Aminà fisongonan' ny fiaran-drano madinika entin-day ny fiaran-drano madinika, ny tratrarina dia tsy maintsy manamora ny andalovana amin' ny ilany mandrivotra ho an' ny mpanatratra.

Raha toa ny fisongonana ka tsy mampiova ny lalan-kalehan' ny tratrarina na ny hafainganam-pandehany, dia tsy misy mari-pamantarana amim-peo alean' ny mpanatratra.

Raha toa ny fifampisongonana ka mahavoatery ny tratrarina hataka amin' ny lalany na ahiana ho tsy mahazo an' eritreritra ny kinasan' ny mpanatratra ary mety hampisy fifandonana izany, ny mpanatratra dia tsy maintsy mandefa:

a. « Akom-peo lava gadona indroa arahim-peo fohy indro gadona » raha hisongona ny tratrarina avy eo an-kavia izy;

b. « Akom-peo lava gadona indroa arahim-peo fohy indray gadona » raha hisongona ny tratrarina avy eo an-kavanana izy.

Raha toa ny tratrarina ka afa-mamaly ny fangatahan' ny mpanatratra, dia tsy maintsy avelany halalake ny ilan-toerana nangatahana sady lasa izy raha ilaina mankery amin' ny ankilany ary mandefa:

a. « Akom-peo fohy indray gadona » raha avy an-kavia no anaovana ny fisongonana.

b. « Akom-peo indroa gadona » raha avy an-kavanana no anaovana ny fisongonana.

Raha tsy azo atao avy amin' ny ilany nangatahin' ny mpanatratra ny fisongonana nefa azo atao amin' ny ankilany hafa, ny tratrarina dia tsy maintsy mandefa:

a. « Akom-peo fohy indray gadona » raha avy an-kavia no anaovana ny fisongonana.

b. « Akom-peo fohy indroa gadona » raha avy an-kavanana no anaovana ny fisongonana.

Ny mpanatratra izay mbola te-hisongona ihany, raha izany ny toe-java-misy, dia tsy maintsy mandefa « akom-peo fohy indroa gadona » amin' ny a na « akom-peo fohy indray gadona » amin' ny b.

Ny tratrarina izany dia tsy maintsy mamele elanelana amin' ny ilany anaovana ny fisongonana sady mihataka, raha ilaina, mankery amin' ny ankilany.

Raha tsy tena azo atao ny fisongonana tsy arahim-pifandonana, dia tsy maintsy mandefa akom-peo fohy gadona indimy ny tratrarina.

Selon les circonstances locales, le signal d'interdiction de passage peut être annoncé par le signal d'obligation B.B employé comme signal avancé.

3. Si les signaux visés au paragraphe 2 ci-dessus ne peuvent pas être montrés, les bâtiments doivent s'arrêter et attendre jusqu'à ce que l'autorisation de passage leur soit donnée par les agents des autorités compétentes.

#### Art. 3-3. — Dépassement. —

Le dépassement n'est autorisé que si le rattrapant s'est assuré que cette manœuvre peut avoir lieu sans danger.

Le rattrapé doit faciliter le dépassement autant qu'il est nécessaire et possible. Il doit diminuer sa vitesse lorsque cela est nécessaire pour que le dépassement s'effectue sans danger et que sa durée soit suffisamment courte pour que le mouvement d'autres bâtiments ne soit pas gêné.

En règle générale, le rattrapant doit passer à bâbord du rattrapé.

Lorsque le chenal présente une largeur incontestablement suffisante, le rattrapant peut aussi dépasser par tribord du rattrapé.

En cas de dépassement entre deux menues embarcations à voile, le rattrapant doit, en règle générale, passer du côté d'où le rattrapé reçoit le vent.

En cas de dépassement d'une menue embarcation par une menue embarcation à voile, le rattrapé doit faciliter le passage du côté d'où le rattrapant reçoit le vent.

Si le dépassement est possible sans que le rattrapé doive modifier sa route ou sa vitesse, le rattrapant ne donne aucun signal sonore.

Lorsque le dépassement ne peut avoir lieu sans que le rattrapé s'écarte de sa route ou lorsqu'il est à craindre que le rattrapé n'ait pas perçu l'intention du rattrapant de dépasser et qu'il puisse en résulter un danger d'abordage, le rattrapant doit émettre:

a. « Deux sons prolongés suivis de deux sons brefs » s'il veut dépasser par bâbord du rattrapé;

b. « Deux sons prolongés suivis d'un son bref » s'il veut dépasser par tribord du rattrapé.

Lorsque le rattrapé peut donner suite à cette demande du rattrapant, il doit laisser l'espace voulu du côté demandé, en s'écartant au besoin vers le côté opposé et émettre:

a. « Un son bref » lorsque le dépassement doit avoir lieu par son bâbord;

b. « Deux sons brefs » lorsque le dépassement doit avoir lieu par son tribord.

Lorsque le dépassement n'est pas possible du côté demandé par le rattrapant, mais peut se faire du côté opposé, le rattrapé doit émettre:

a. « Un son bref » lorsque le dépassement est possible par son bâbord;

b. « Deux sons brefs », lorsque le dépassement est possible par son tribord.

Le rattrapant qui, dans ces conditions, veut encore dépasser doit émettre « deux sons brefs » dans le cas a ou « un son bref » dans le cas b.

Le rattrapé doit alors laisser l'espace voulu du côté où le dépassement doit avoir lieu en s'écartant au besoin du côté opposé.

Lorsque le dépassement est impossible sans danger d'abordage le rattrapé doit émettre cinq sons brefs.

17 Decambra 1999

1. Fepetra eto ambony dia tsy ampiharina amin' ny fiaran-drano madinika amin' ny fihetsiny manoloana fiaran-drano hafa sokajy iriny na amin' ny fifampisongonana ny fiaran-drano madinika

And. 3-4. — *Fisongonana voararan' ny mari-pamantarana.* —

- a. Voarara ny fifampisongonana: Amin' ny ankapobeny eny amin' ny toerana faritan' ny mari-pamantarana A.2;
- b. Amin' ny samy andiam-piara eny amin' ny toerana faritan' ny mari-pamantarana A.3.

And. 3-5. — *Lalana mifanapaka.* —

1. Raha fiaran-drano roa no mandalo amin' ny lalana mifanapaka ka mety hampisy fifandonana izany, ny fiaran-drano mahatana ilay iray hafa avy an-kavanany dia tsy maintsy mihataka ny lalana-kalehan' ity farany ary raha ahazoa-manso izany ny toe-javamisy, miala amin' ny fifampisongonana avy anoloany, lo fitsipika io tsy ampiharina amin' ny fiaran-drano madinika amin' ny fihetsiny manoloana fiaran-drano hafa.

2. Ny fepetra raketin' ny andalana voalohany eto ambony, dia tsy ampiharina raha toa fampihatra ny iray amin' ny andininy 3-7, 3-8 na 3-10.

3. Na eo aza ny fepetra mifanohitra amin' izany raketin' ny andalana voalohany etsy ambony, raha amin' fiaran-drano madinika sokajy samy hafa, ka misy fiaran-drano roa no adeha amin' lalana mifanapaka mety hampisy fifandonana, ny fiaran-drano madinika enti milina hafa rehetra ary ny fiaran-drano madinika tsy enti milina na tsy entin' day dia tsy maintsy mihataka amin' ny lalana iray fiaran-drano madinika entin' day.

Kanefa ny fiaran-drano izay manaraka ny ilan' ny lalana-drano an-kavanana dia tsy maintsy mitana ny lalana-kalehany.

4. Na eo aza ny fepetra raketin' ny andalana voalohany ety ambony mifanohitra aminy, raha toa misy fiaran-drano madinika mifanana an-dalana mifanapaka ka hita fa mety hampisy fifandonana izany, ny iray aminy dia tsy maintsy mihataka amin' ny lalana izoran' ny iray hafa tahak' izao:

- a. Raha toa avy amin' ilany samy hafa no mandrivotra ho an' ny fiaran-drano madinika tsirairay, izay avy an-kaviany no mandrivotra dia tsy maintsy mihataka ny lalana-kizoran' ny sasany;
  - b. Raha toa mitovy ny ilany mandrivotra ho an' ny fiaran-drano madinika roa, izay miatrika ny tso-drivotra no tsy maintsy mihataka ny lalana-kizoran' ny miamboho ny tso-drivotra;
  - c. Raha avy amin' ny ilany an-kavia no mandrivotra ho an' ny fiaran-drano madinika ka misy fiaran-drano madinika iray hafa hitany nefa tsy azony antoka tanteraka raha avy an-kaviany na avy an-kavanany no mandrivotra ho azy, dia tsy maintsy mihataka amin' ny lalana-kizoran' ilay iray hafa iray voalohany.
- Kanefa, ny fiaran-drano madinika manaraka ny an-kavanana-dalam-piara-drano dia tsy maintsy mitana ny zotran-dalany.

And. 3-6. — *Fitamoloizana amin' faritra voasoritra ny lalana-kaleha.* —

1. Amin' faritra voasoritra ny lalana-kaleha, voatondron' ny mari-pamantarana zava-boadidy B.1, B.2, B.3, na B.4 izany lalana-kizorana izany, ny fiakaran' io faritra io dia mety ho maritan' ny mari-panondroana E.11.

2. Ao anatin' io faritra io, ny avy an' avy dia tsy mahazo manembantsemana velively ny dian' ny avy an' fiaran-drano; indrindra raha mihamanakaiky ny mari-pamantarana zava-boadidy B.4, dia tsy maintsy mampihena ny hafainganam-pandehany, raha ilaina mijanona mihitsy aza mba ahafahan' ny avy an' ara manatanteraka ny fihetsika tokony hataony.

Les dispositions ci-dessus ne s'appliquent pas aux menues embarcations dans leur comportement avec des bâtiments d'autres catégories ni en cas de dépassement des menues embarcations par d'autres.

Art. 3-4. — *Dépassement interdit par les signaux.* —

Le dépassement est interdit:

- a. D'une manière générale sur les secteurs délimités par le signal A.2;
- b. Entre convoi, sur les secteurs délimités par le signal A.3.

Art. 3-5. — *Routes qui se croisent.* —

1. Lorsque deux bâtiments font des routes qui se croisent de telle sorte qu'il existe un danger d'abordage, le bâtiment qui voit l'autre bâtiment sur tribord doit s'écarter de la route de celui-ci et, si les circonstances le permettent, éviter de croiser sa route sur l'avant. Cette règle ne s'applique pas aux menues embarcations dans leur comportement avec d'autres bâtiments.

2. La disposition du paragraphe premier ci-dessus ne s'applique pas lorsqu'un des articles 3-7, 3-8 ou 3-10 est applicable.

3. Nonobstant toute disposition contraire au paragraphe premier ci-dessus, lorsque dans le cas de menues embarcations de catégorie différente, deux menues embarcations font des routes qui se croisent de telle sorte qu'il existe un danger d'abordage, les menues embarcations motorisées doivent s'écarter de la route de toutes les autres menues embarcations et les menues embarcations qui ne sont ni motorisées ni à voile doivent s'écarter de la route des menues embarcations à voile.

Toutefois, l'embarcation qui suit le côté du chenal à tribord est tenue de maintenir sa route.

4. Nonobstant toute disposition contraire du paragraphe premier ci-dessus, lorsque dans le cas de menues embarcations font des routes qui se croisent de telle sorte qu'il existe un danger d'abordage, l'une d'elles doit s'écarter de la route de l'autre comme suit:

- a. Quand chacune des embarcations reçoit le vent d'un bord différent, celle qui reçoit le vent de bâbord doit s'écarter de la route de l'autre;
- b. Quand les deux embarcations reçoivent le vent du même bord, celle qui est au vent doit s'écarter de la route de celle qui est sous le vent;
- c. Si une embarcation qui reçoit le vent de bâbord voit une autre embarcation au vent et ne peut pas déterminer avec certitude si cette autre embarcation reçoit le vent de bâbord ou de tribord, la première doit s'écarter de la route de l'autre.

Toutefois, l'embarcation qui suit le côté du chenal à tribord est tenue de maintenir sa route.

Art. 3-6. — *Navigation sur les secteurs où la route à suivre est prescrite.* —

1. Sur les secteurs où la route à suivre est prescrite, cette route est indiquée par les signaux d'obligation B.1, B.2, B.3 ou B.4. La fin du secteur peut être annoncée par le signal d'indication E.11.

2. Dans un tel secteur, les montants ne doivent en aucun cas gêner la marche des avalants; en particulier, à l'approche du signal d'obligation B.4, ils doivent au besoin diminuer leur vitesse et même s'arrêter pour permettre aux avalants d'accomplir leur manœuvre.

**And. 3-7. — Fiviliana-dàlana. —**

1. Ny fiaran-drano dia tsy afa-mivily làlana raha tsy efa azony aoka tsara fa, araka ny fepetra raketin' ny andàlana faha-2 sy faha-3 manaraka etoana, ny tokony ho fihetsiky ny fiaran-drano hafa dia ahafahany manatenteraka izany tsy amin-doza sy tsy manery ny fiaran-drano hafa hanova tampoka ny làlan-kizorany na ny hafainganam-pandehany.

2. Raha toa ny fihetsika kasaina hatao ka manery ny fiaran-drano hafa hihataka ny làlan-kalehany na hanova ny hafainganam-pandehany, ny fiaran-drano te-hivily làlana dia tsy ahafahany mampilaza ara-potoana alohan' ny fiviliana ny fihetsika hataony ary mandefa:

- a. « Akom-peo lava gadona arahim-peo tofry indray gadona » raha hihodina-kavanana na
- b. « Akom-peo lava gadona arahim-peo indroà gadona » raha te-hihodina-kavia izy.

3. Ny fiaran-drano hafa amin' izay dia tsy maintsy, arak' izay aza sy azo atao, manova ny hafainganam-pandehany sy ny làlan-kizorany mba tsy hampitera-doza ny fanatanterahana ny fiviliana. Indrindra indrindra anoloan' ireo fiaran-drano te-hivily làlana hisetra ny todiky ny fiaran-drano dia tsy maintsy ataony izay kony hataony mba hahatanteraka ara-potoana izany fihetsika any.

4. Ny fepetra raketin' ny andalana voalohany hatramin' ny fahatelo etsy ambonny dia tsy fampihatra amin' ny fiaran-drano madinika min' ny fihetsiny miolotra amin' ny fiaran-drano sokajy hafa. Ho an' ny samy fiaran-drano madinika dia ny andalana voalohany etsy ambonny ihany no ampiharina.

5. Voarara ny mety ho fiviliana-dàlana rehetra eo amin' ny faritra soritan' ny mari-pamantarana ny zava-boarara A8. Nefa kosa fa misy amin' ny làlan-drano ifamoivoizana faritra soritan' ny mari-pandroana E8; farafaraina amin' ny mpamily fa azony atao ny misafidy an' io faritra io mba hiviliana làlana ka ny fepetra raketin' ity andininy ity no mifehy hatrany ny fiviliana-dàlana.

**And. 3-8. — Fanamoriana am-piainana. —** Amin' ny fanamoriana am-piainana, ny fepetra raketin' ny andininy faha-3-7 etsy ambonny dia fampihatra koe, afa-tsy amin' izay mikasika ny baka, amin' ny fiaran-drano miata ny toerem-piantsonany na famaharany nefa tsy mivily làlana; na izany aza ny mari-pamantarana voasoritra ny andalana faha-2 amin' ity andininy ity dia soloina izao manaraka izao:

— « Akom-peo fohy gadona » raha toa avy eo an-kavanana no ihavian' ilay fiaran-drano na

— « Akom-peo fohy gadona indroà » raha toa avy eo an-kavia no ihavian' ilay fiaran-drano.

**And. 3-9. — Fandrarana ny fitsofohana anelanelan' ny tsirairay amin' ny andiam-piaran-drano tarihina. —**

Voarara ny fitsofohana anelanelan' ny tsirairay amin' ny andiam-piaran-drano tarihina.

**And. 3-10. — Fampitana làlan-drano azo ifamoivoizana, tdirana sy fivohana amin' ny seranana ary amin' ny làlan-drano sampanana. —**

1. Ny fiaran-drano dia tsy mahazo miampita ny làlan-drano azo ifamoivoizana na miditra an-tseranana na làlan-drano sampanana na mivoaka ireo raha tsy efa azony antony fa tsy mampidi-doza ireo fihetsika ireo ary tsy manery ny fiaran-drano hafa hanova tampoka ny làlan-kizorany na ny hafainganam-pandehany.

Raha toa ny avy an' eran-drano voatery mivily làlana an' ava mba ahafahany miditra ao an-tseranana na amin' ny làlan-drano sampanana, dia tsy maintsy omeny fialohany ny avy an' ava rehetra te-hiditra koa an-tseranana na amin' ny làlan-drano sampanana.

Amin' anton-javatra sasantsasany, ny heverin-ko làlan-drano sampanana dia azo tondroina amin' ny iray amin' ireo mari-pamantarana E.9 na E.10.

**Art. 3-7. — Virage. —**

1. Les bâtiments ne peuvent virer qu'après s'être assurés que les mouvements des autres bâtiments, compte tenu des dispositions des paragraphes 2 et 3 ci-après, permettent d'effectuer la manœuvre sans danger et sans que ces autres bâtiments soient obligés de modifier brusquement leur route ou leur vitesse.

2. Si la manœuvre envisagée doit obliger d'autres bâtiments à s'écarter de leur route ou à modifier leur vitesse, le bâtiment qui veut virer doit, avant de virer, annoncer sa manœuvre en temps utiles, en émettant:

- a. « Un son prolongé suivi d'un son bref », s'il veut virer sur tribord ou
- b. « Un son prolongé suivi de deux sons brefs », s'il veut virer sur bâbord.

3. Les autres bâtiments doivent alors, autant qu'il est nécessaire et possible, modifier leur vitesse et leur route pour que le virage puisse s'effectuer sans danger. Notamment vis-à-vis des bâtiments qui veulent virer pour venir contre le courant, ils doivent contribuer à ce que cette manœuvre puisse être effectuée en temps utile.

4. Les dispositions des paragraphes premier à 3 ci-dessus ne s'appliquent pas aux menues embarcations dans leur comportement avec des bâtiments d'autres catégories. Pour les menues embarcations entre elles, seul le paragraphe premier ci-dessus est applicable.

5. Tout virage est interdit sur les secteurs marqués par un signal d'interdiction A.8. En revanche, il existe sur une voie navigable des secteurs marqués par le signal d'indication E.8; il est recommandé au conducteur de choisir ce secteur pour y virer, le virage restant soumis aux prescriptions du présent article.

**Art. 3-8. — Conduite au départ. —**

Pour la conduite au départ des dispositions de l'article 3-7 ci-dessus s'appliquent également, exception faite des bacs, dans le cas de bâtiments qui quittent leur poste de mouillage ou d'amarrage sans virer; toutefois les signaux prescrits au paragraphe 2 de cet article sont remplacés par les suivants:

— « un son bref », lorsque les bâtiments viennent sur tribord ou

— « deux sons brefs », lorsque les bâtiments viennent sur bâbord.

**Art. 3-9. — Interdiction de s'engager dans les intervalles entre les éléments d'un convoi remorqué. —**

Il est interdit de s'engager dans les intervalles entre les éléments d'un convoi remorqué.

**Art. 3-10. — Traversée de la voie navigable, entrée et sortie des ports et des voies affluentes. —**

1. Les bâtiments ne peuvent traverser la voie navigable, ni entrer dans un port ou une voie affluente, ou en sortir, qu'après s'être assurés que ces manœuvres peuvent s'effectuer sans danger et sans que d'autres bâtiments soient obligés de modifier brusquement leur route ou leur vitesse.

Si un avalant est obligé de virer cap à l'amont pour pouvoir entrer dans un port ou une voie affluente, il doit laisser la priorité à tout montant qui veut entrer également dans ce port ou cette voie affluente.

Dans certains cas, les voies considérées comme affluentes peuvent être indiquées par l'un des signaux E.9 ou E.10 (annexe 6)

7 Desambra 1990

2. Ny fiaran-drano manao ny iray amin' ny fihetsika voalazan' ny andalana voalohany etsy ambony dia tsy maintsy, raha toa ny fihetsika kaseiny eto mety na tsy maintsy manery ny fiaran-drano fa hanova ny lalàn-kalehany na ny hafainganam-pandehany, ampilaza ny fihetsika hataony ka mandefa ara-potoana:

— «Akom-peo lava gadona intelo arahim-peo fohy gadona» raha toa izy tsy maintsy mizotra miankavanana rehefa miditra na rehefa tavaoka avy eo;

— «Akom-peo lava gadona intelo arahim-peo fohy gadona indroa» raha toa izy tsy maintsy mizotra miankavia rehefa miditra na rehefa tafavoaka avy eo;

— «Akom-peo lava gadona intelo» raha toa izy te-hiampita ny in-drano azo ifamoivoizana.

Alohan' ny ahatafitany dia tsy maintsy mandefa, raha ilaina,

— «Akom-peo lava gadona arahim-peo fohy gadona» raha te-otra miankavanana na

— «Akom-peo lava gadona arahim-peo fohy gadona indroa» raha te-hizotra miankavia.

3. Ny fiaran-drano hafa amin' izany dia tsy maintsy, raha ilaina, hanova ny lalàn-kizorany sy ny hafainganam-pandehany.

Io fepetra io dia fampihatra koa raha toa misy mari-pamantarana B.10 mipetraka eo amin' ny lalambe akaiky ny fivoahana ny seranana na lalàn-drano sampanana.

Raha toa ny iray amin' ny mari-pamantarana B.9 mipetraka eo akaikin' ny fivoahana ny seranana na lalàn-drano sampanana dia tsy mahazo mitsofoka amin' ny lalambe na miampita aminy raha toa ny fihetsika io tsy manery ny fiaran-drano mifamoivoy hanova ny lalàn-kizorany na ny hafainganam-pandehany ny fiaran-drano mivoaka avy eo amin' ilay seranana na lalàn-drano sampanana.

5. Ny fiaran-drano dia tsy mahazo miditra an-tseranana na amin' ny lalàn-drano sampanana raha misy mari-pamantarana A.1 mambana amin' ny mari-pamantarana fanampiny aseho eny amin' ny lalàn-dehibe.

Ny fiaran-drano dia tsy afa-mivoaka ny seranana na lalàn-drano sampanana raha misy mari-pamantarana E.1 miaraka amin' ny fanampiny akaikin' ny fivoahana eo.

6. Na mety hanery ny fiaran-drano mifamoivoy amin' ny lalambe hanova ny lalany na ny hafainganam-pandehany aza io fitsipike io, dia mahazo miditra eo amin' ny seranana na amin' ny lalàn-drano sampanana ny fiaran-drano raha misy mari-pamantarana E.1 mambana amin' ny mari-pamantarana fanampiny eo akaikin' ny fivoahana; amin' ity farany ity dia ny mari-pamantarana B.10 no aseho eny amin' ny lalambe.

7. Ny fepetra raketin' ny andalana voalohany hatramin' ny faha-3 dia tsy fampihatra amin' ny fiaran-drano madinika amin' ny fihetsiny miolotra amin' ny fiaran-drano hafa zokajy, na ny raketin' ny andalana faha-4 amin' ny fiaran-drano tsy anisan' ny fiaran-drano madinika amin' ny fihetsiny miolotra amin' ireto farany. Ny fepetra raketin' ny andalana faha-2 sy faha-3 dia fampihatra amin' ny samy fiaran-drano madinika.

And. 3-11. — *Fifamoivoizana milahatra.* —

1. Tsy mahazo milahatra mihitsy ny fiaran-drano raha tsy hoe malalaka tsara ny toerana anaovana izany ka tsy mitera-pahasa-anana na loza amin' ny fifamoivoizana.

2. Afa-tsy amin' ny fifampisononana na fifanenana, dia voarara ny mifamoivoy latsaka ny 50 metatra ahay ny manelanelana amin' ny fiaran-drano, andiam-piara-drano tosoka, andiam-piara mitamba-droa mitondra fanilo manga roa na telo na varingarina fanilo manga roa na telo.

3. Rarana ny manatona fiaran-drano na fitaovam-piasana mitsikafona, misarangotra aminy na menaiky ho voataritrika eny akaikin' ny raha tsy misy fahazoan-dalana mazava avy amin' ny mpamily ny.

4. Ny mpanao aty ambony rano sy ny olona manao fanatanjantana eny amin' ny rano tsy mampiasa fiaran-drano dia tsy maintsy menakivitra tsara ny fiaran-drano sy ny fitaovam-piasana mitsikafona mandeha lalana ary koa ny fitaovana mitsingevana amin' ny asa.

2. Les bâtiments qui effectuent une des manœuvres visées au paragraphe premier ci-dessus doivent, si la manœuvre envisagée peut ou doit obliger d'autres bâtiments à modifier leur route ou leur vitesse, annoncer cette manœuvre en émettant, en temps utile:

— «trois sons prolongés suivis d'un son bref» lorsque, pour entrer ou après la sortie, ils doivent se diriger sur tribord;

— «trois sons prolongés suivis de deux sons brefs» lorsque, pour entrer ou après la sortie, ils doivent se diriger sur bâbord;

— «trois sons prolongés» lorsqu'ils veulent traverser la voie navigable.

Avant la fin de la traversée, ils doivent émettre, en cas de besoin:

— «un son prolongé suivi d'un son bref» s'ils veulent se diriger sur tribord, ou

— «un son prolongé suivi de deux sons brefs» s'ils veulent se diriger sur bâbord.

3. Les autres bâtiments doivent alors, si nécessaire, modifier leur route et leur vitesse.

Cette disposition s'applique aussi lorsque le signal B.10 est placé sur la voie principale près de la sortie d'un port ou d'une voie affluente.

4. Si l'un des signaux B.9 est placé près de la sortie d'un port ou d'une voie affluente, les bâtiments sortant du port ou de la voie affluente ne peuvent s'engager sur la voie principale ou la traverser que si cette manœuvre n'oblige pas les bâtiments naviguant sur celle-ci à modifier leur route ou leur vitesse.

5. Les bâtiments ne peuvent entrer dans un port ou dans une voie affluente lorsque le signal A.1 en combinaison avec le signal additionnel est montré sur la voie principale.

Les bâtiments ne peuvent pas sortir d'un port ou d'une voie affluente lorsque le signal A.1, en combinaison avec le signal additionnel est montré près de la sortie.

